# Ilay Voa Tsara Nafafy 09 Aprily 2019

**9** **Talata**
avrily

**Ary fantatsika fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'Andriamanitra, dia izay voantso araka ny fikasany rahateo.** Romana 8. 28

**Andriamanitra... mahatanteraka ho ahy.** Salamo 57. 2

## Ny zavatra fantatsika

Tahaka ny olona rehetra, ny kristiana dia mifanehatra amina toejavatra tsy mahafinaritra, fahadisoam-panantenana, fizahan-toetra tsy takatry ny sainy… Mety hanakorontana ny sainy izany, ary mety hahavery hevitra azy. Nefa afaka miteny izy hoe : *fantatsika* (Romana 8. 28). Io teny hoe „fantatsika" io dia toy ny vatolampy eo afovoana ranomasina misamboaravoara, toy ny fanilo ao anaty zavona.

— „*Fantatsika*" : tsy hoe „antenaintsika" ; ary tsy hoe „takatsika" ihany koa, satria matetika dia tena tsy takatsika tokoa ! Fa ny hoe „fantatsika" kosa, dia zavatra tena azo antoka ho an'ny finoana.

— „fa *ny zavatra rehetra*" : tsy misy toejavatra, tsy misy na inona na inona azo esorina tsy ho anisan'io hoe „zavatra rehetra" io, fa mahafehy ny zavatra rehetra izany !

— „*dia miara-miasa*" : mety tsy ho tsapantsika angamba, fa ny toejavatra miseho eo amin'ny fiainantsika dia mifampitohy sy miara-miasa ho amina tanjona kendren'Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona tsy ilaina, tsy misy avy amin'ny kisendrasendra.

— „*hahasoa*" : mety tsy hahafinaritra ny toejavatra avelany hiseho, ary mety hampahory ny trangan-javatra. Saingy *na inona na inona mitranga*, Andriamanitra dia mikatsaka *mandrakariva* izay hahasoa antsika. Noho ny fahasoavany aza, dia hararaotiny mihitsy ny „ratsy" (ohatra, ny fahadisoantsika) mba hitondra soa ho antsika.

— „*izay tia an'Andriamanitra*" : Andriamanitra dia fitiavana, ary ny fitiavany dia efa narotsany tao anatin'ny fon'ireo zanany tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina (Romana 5. 5). Ny hoe „tia an'Andriamanitra", izany, dia toetra mampiavaka ny ankohonan'Andriamanitra, izany hoe ireo zanany.

— „*dia izay voantso araka ny fikasany rahateo*" : nataon'Andriamanitra ho andraikiny ny hitady sy hahita ireo olona ireo ary ny hamonjy azy. Ankehitriny dia mandray azy ireo an-tanana Izy, ary manao izany hatramin'ny farany.